



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-76

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-009/2020 TAMIN'NY 13 JONA 2020 MOMBA NY TETIBOLAMPANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2020

Fivoriana faha-22
Natao ny
Aharobia 24 Jona 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany:

- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- MICHELLE BAVY ANGELICA

FOTOANA: Alarobia 24 Jona 2020 tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 tamin'ny 13 Jona 2020 momba ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana.

Taorian'izay, niangaviany ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa nahatonga taratasy ny HCDDDED na ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna, manambara ny hanaovany tatitra eto amin'ny Antenimierampirenena araka ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2015-001 nananganana ity rafitra ity. Nambarany koa fa ny lalàna no mametra azy hanao izany, ka handraisana fanapahan-kevitra izany rehefa avy eo ary nandroso sosokevitra amin'ny hanovana izany ny Zoma 3 Jolay 2020 ho avy izao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny tsangan-tànana ny mpivory; Solombavambahoaka miisa 63 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hatao amin'io andro io ny tatitra hataon'ny HCDDDED eto amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 tamin'ny 13 Jona 2020 mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, hamaky ny tatitra mikasika ity volavolan-dalàna ity ny tenany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa TSARADIA Marco, ka toy izao izany:

Nivory ny Alarobia faha-17 Jona 2020 tamin'ny 3 ora, tolak'andro; ny Alakamisy faha-18 Jona 2020 tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro; ny Zoma faha-19 Jona tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro; ny Sabotsy faha-20 Jona tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro; ny Alahady faha-21 Jona tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro ary ny Alatsinainy faha-22 Jona 2020 tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana

ny Politikam-panjakana nidinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2020.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
3. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana Pierrot
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
6. FIENENA Richard
7. HENRI Jean Michel
8. RABEKIJANA Solofo Hery
9. RABENIRINA Maminiaina
10. RAFENOMANANTSOA Ny Aina
11. RAFIDIMANANA Narson
12. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
13. RAKOTOMAMONJY Neypatraiky
14. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
15. RAMBOASALAMA Emilien
16. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
17. RASIDIMANANA
18. RASOLONJATOVO Honoré
19. RATSIMBAZAFY Alain Jean
20. RAVONTY Tam Téon Luc
21. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
22. RAZARA Pierre Fidèle
23. RAKOTOHARISOA Johnny
24. TSARADIA Marco
25. VONINAHITSY Jean Eugène
26. MOHAMAD Ahmad

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana tonga nivory:

1. ANDRIAMAMPANDRY Todisoa
2. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
3. RATSIMBAZAFY Alain Jean
4. RAMBOASALAMA Emilien
5. RANDRIAMBOLAINA Gerry

Ireto avy ireo solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

1. JOHASY Eléonore
2. RABENIRINA Maminiaina
3. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
4. RAVELOSON Guillaume N.
5. RASOAZANANERA Marie Monique
6. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. IDEALSON
2. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
3. RANDRIANASOLO Augustin
4. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
5. RAHOLDINA Naivo
6. RAMENASON Rio Merci
7. MAMIZARA Yasmirah Laeticia
8. RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
9. RAKOTOMALALA Miarintsoa
10. RAYMOND
11. RAZAKANDRAINNY Dominique
12. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
13. MAMANGY Norbert

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|------------------------------------|---------------------|
| 1. RABARINIRINARISON Rindra | SEG/MEF |
| 2. ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona | DGT/DOF |
| 3. ANDRIAMBELO Maminirina | MEF/SG |
| 4. ANDRIAMIFIDY Soafaniry | MEF/SG/DGT/DDT/SADE |
| 5. ANDRIANAFERO Harinirina Yolande | MEF/DOUANES |
| 6. ANDRIANARISOA Fanjanirina | MEF/DGFAG/DB/SSPI |
| 7. ANDRIANARIVO Jafetra R. | MEF/DGFAG/DB |
| 8. ANDRIANOMANANA Razafindramavo | MEF/SG/DGFAG/DB/SSB |
| 9. ANDRIANTSOA Heriniaina | MEF/DGI/DLFC |
| 10. ANDRIANASOLO Avotra | DGT/DDP/SASD |
| 11. ARTHUR Florent | DGI/DITEC/SRS |
| 12. DONAH | MEF/SG/DGI/DRR/SSP |
| 13. GERMAIN | DGI |
| 14. LAINKANA Zafivanona | DG /DOUANE |
| 15. MONG Gianni | MEF/DGFAG/DB/SSB |
| 16. RAHARIJAONA Dina | DGI/DLFC/SL |
| 17. RAHARIJAONA NDRIANARILALA Rado | MEF/SG/DGI/DDP/STDI |
| 18. RAHARISON Thierry Naina | DGD/DLV/SLR |
| 19. RAHASIVOLOLOMBOHANGY Ny Ako | DGFAG/DB |

20.	RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary	MEF/SG/DGT/DDP/SASD
21.	RAJAONARISON Njakanasandraatra	DGEP/DEME/CE
22.	RAJAONARISON Dinaniaina	DGT/DDP/SASD
23.	RAKOTOARIMALALA Haja	DOUANE
24.	RAKOTOBÉ HarilalainaTahina	DGT/DE/SSAE
25.	RAKOTOMALALA A. Maminiaina C.	MEF/DGFAG/DB
26.	RAKOTONDRABE Zoly	MEF/DB
27.	RAKOTONDRAINIBE Hasina	MEF/DGI/DITEC
28.	RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry	DLFC
29.	RAKOTONIAINA Rina	DGT/DE/SPSE
30.	RAKOTOSON Solonirina Aimé	MEF/CAB/CT
31.	RAKOTOVAO Andriamisetarivo	DGD/DLV/SLR
32.	RAMIANDRISOA Olivier	MEF/DGEP
33.	RANAIVOZANANY Jerry	MEF/DGFAG/DB/SSB
34.	RANAIVOSON Andotiana Hariliva	DGFAG/DB
35.	RANDIMBIARISOA Oliva	MEF/DGFAG
36.	RANDRIAMAROLAFY Odile	DGT/DE/SSAE
37.	RANDRIANARISOA Léa	MEF/SG/DGI/DPR/SSP
38.	RANJALAHY Ihaja	MEF/DGT
39.	RASAMOELY Mialisoa	MEF/DGI/DLFC
40.	RATOVOHARIVONY M.	MEF/DGT/Dir Cab
41.	RAZAFITRIMO Volasoa	DAJLF/DOUANE
42.	RAZAFY Harison Vonjy	MEF/DGARMP
43.	RAZAFINDRAINONY Thierry-José	DLV/DOUANE
44.	SOJA Randriamantena Christophe	MEF/DGD
45.	TIANAMANAMBINA	MEF/DGI/DLFC
46.	FARANDRIAKA Claude	DGFAG/DB/SSB

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana. Nandritra izany no nanehoan'ny Tale Jeneraly mpisolo toerana ny Sekretera Jeneraly, ny fialan-tsiny tamin'ny tsy fahatongavan'izy ireo tamin'ny Alarobia 17 Jona 2020, maraina, noho ny fifandisoan'ny fandaharam-potoana.

I-HETRA

Rehefa izany dia nomena ny teknisiana avy ao amin'ny Sampandraharaha misahana ny Hetra ny fitenenana. Nilaza Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Hetra, fa raha notombanana ho 4029,60 Miliara Ariary ny vola tokony hampidirin'ny Sampandraharaha misahana ny hetra araka ny tetibolam-panjakana taona 2020 dia lasa 2757 Miliara Ariary sisa noho ny krizy ara-pahasalamana izay mandalo eto amin'ny firenena sy eran'izao tontolo izao. Manana taha 53,24% amin'ny fitambaran'ny vola miditra amin'ny fampidiran-ketra izany, ka nahitana fihenana 1272,60 Miliara Ariary raha ampitahaina ny tetibolam-panjakana taona 2020 sy ny volavolan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiampanitsiana, taona 2020. Nomarihany ihany koa, fa 70%-n'ny hetra tokony hampidirina no efa tafiditra nanomboka ny volana Janoary ka hatramin'ny volana Mey, izay mitentina 1169 Miliara Ariary.

Nambarany koa, fa maro ny fanatsarana ao anatin'ity volavolan-dalàna mikasika ny fampidiran-ketra ity. Ao anatin'ny fanitsiana natao ny mikasika ny fanatsarana ireo fepetra mikasika ny vidin'ny famindrana na ny "prix de transfert", izay fifandraisana misy eo amin'ny

orinasa eto amintsika sy ny orinasa reniny any ivelany. Mazàna ny fifanarahana ara-barotra amin'izy ireny dia miteraka fatiantoka ho an'ny firenena Malagasy noho ny fandefasan'ny orinasa eto an-toerana ny ankabeazan'ny tombom-barotra azony any amin'ny orinasa reniny any ivelany. Eo ihany koa ny fanazavana mikasika ny fikajian-ketran'ireo mpanao saikin'asa tsy mipetraka eto Madagasikara na ny «prestataires non-résidents». Orinasa any ivelany izy ireny kanefa manatanteraka saikin'asa eto amintsika. Tafiditra ao anatin'ny sehatra ampiarana ny hetra izy ireny satria nahazo fidiram-bola tamin'ny fanaovana asa teto an-toerana. Natao ihany koa ny fanatsarana ny fomba fanaovana ireo fombafomba atao amin'ny sora-pamerana na ny «titre de perception» izay taratasy mitovy lenta amin'ny taratasim-pitsarana, mba ahafahana manenjika ny orinasa izay tsy nahavoaloha hetra. Napetraka anefa ny fanatsarana eo amin'ny fahafahan'ny orinasa manohitra izany raha toa misy tsy rariny.

Ny tanjona manaraka dia ny fanatsarana ny fomba fitantanana ny antontan-taratasin'ireo mpandao hetra. Natao tamin'izany ny fampiakarana ny fetra ampiarana ny haba amin'ny tataom-bidy na ny «seuil d'assujettissement de la TVA» ho lasa 400 Tapitrisa Ariary raha toa 200 Tapitrisa Ariary izany teo aloha. Natao izany fampiakarana izany mba ahafahana mitantana ara-dalàna ny antontan-taratasin'ireo orinasa voakasik'izany. Marihana fa tsy misy fiantraikany any amin'ny kitapom-bolam-panjakana izany, fa mba ho fanatsarana fotsiny ihany.

Taorian'izay, niditra tamin'ny antsipiriany ny teknisiana.

- **Hetra alaina amin'ny Vola miditra (IR):**

Nisy ny fanatsarana ny fomba fametrahana ny tatitra ara-bola sy arak'asa ho an'ireo fikambanana miankina amin'ny finoana sy fikambanana izay tsy mitady tombotsoa manokana; ka noferana ho amin'ny faran'ny volana Febroary amin'ny taom-piasana manaraka ny fanaterana izany tatitra izany. Manaraka ny fomba fanambaran-ketra ho an'ny daholobe ihany kosa izany raha toa vola azo avy amin'ny toeram-pivarotana na saikin'asa tantaniny.

Nisy koa fanamarihana mikasika ny fanesorana ny vola lany amin'ny fandoavana ny karama mihoatra ireo fanambarana tsy maintsy atao any amin'ny CNaPS sy ireo antokon-draharaha mitovy aminy na ny «précision des salaires ou partie des salaires non-déductible à l'IR». Ny karama na ny ampahan-karama izay tsy nanaovana filazana ara-dalàna tany amin'ny CNaPS na ireo antokon-draharaha mitovy aminy ary tsy nandoavana hetra alaina amin'ny vola miditra ho an'ny olon-tsotra dia tsy afaka alaina amin'ny fikajiana ny hetra amin'ny vola miditra na «non déductible à l'IR». Napetraka izany mba hahafahan'ireo orinasa manaja ny fepetra ilaina ho an'ireo mpiasa. Isan'izany ireo «prélèvements sociaux» izay arotsaka any amin'ny CNaPS sy OSTIE. Ny tanjona dia ny hanerena ireo orinasa mba hanaja ny lalàna mikasika ny tombotsoa ara-tsosialin'ny mpiasa.

Nohatsaraina ny mikasika ny fototra hamerana ny hetra na ny “base d'imposition fiscale”. Tsy afaka esorina araka izany ny fatiantoka aterak'ireo raharaha mandrafitra ny vola miditra amin'ny ankapobeny, amin'ny vola miditra amin'ny fananan-tany sy trano ary ny vola miditra amin'ny fanaovana asa mahaleotena.

Ao koa ny fanazavana mikasika ny trosan-kaba amin'ny tataom-bidy izay ekena ny fahafahana manala izany ho isan'ny fandania ekena ho azo esorina amin'ny fikajiana ny hetra amin'ny faran'ny taom-piasana. Raha ny tokony ho izy, tsy misy fiantraikany amin'ny

orinasa ny hetra amin'ny tataom-bidy na ny TVA. Tsy azo atao ny fahafahana manala na ny «déduction» raha toa tsy feno ny fepetra mifandraika amin'izany.

Nisy ny fanazavana ny fikajiana ny hetra amin'ny vola miditra mikasika ny mpandraharaha olon-tsotra ny orinasa izay tsy manana fananan-draharaha mifaka eto Madagasikara. Noferana ho 10% no tahan'izany hetra izany, izay alaina avy hatrany amin'ny saran'ny fandraharahana natao ary ny mpandraharaha any ivelany no mandoa azy. Raha tsy eo ny mpandraharaha dia ny mpiara-miasa aminy eto an-toerana no mibaby izany. Atao alohan'ny faha-15 amin'ny volana manaraka ny fandrotsahana izany.

Nisy koa fanamarihana mikasika ireo sehatra ara-tsosialy, toy ny fahasalamana sy ny fampianarana. Mihatra amin'ny mpandraharaha miasa amin'ireo sehatra ireo ny taha 10% amin'ny tombom-barotra azo, raha toa 20% izany teo aloha. Izany dia araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana, amin'ny mba hijerena manokana ny hetra alaina amin'ireo sehatra ara-tsosialy izay voalaza ireo.

Nitondra fepetra vaovao ihany koa izao tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana izao mikasika ny andraiketry ny mpandoa hetra. Ny andininy faha-01.01.19 nasiam-panitsiana ao amin'ny Famehezana ankapobeny ny hetra na ny “Code Général des Impôts” dia milaza fa ny olona manana vola maty na vola miditra amin'ny taom-piasana diavina izay mihoatra ny 400 000 000 Ariary dia tsy maintsy mametraka ny filazana maha mpandoa TVA azy.

- **Hetra alaina amin'ny karama sy ny mitovy aminy (IRSA):**

Nahitana fepetra vaovao koa ny mikasika ny IRSA. Azo oneran'ny Tahirim-bolam-panjakana ny vola naloa be loatra na “trop perçu” raha toa tsy misy intsony ny fahafahana manala izany amin'ny fanambaran-ketra araky ny vanim-potoana rehefa voamarin'ny Sampandraharaha misahana ny hetra ny fisiany.

- **Saram-panoratana na «Droit d'Enregistrement» (DE):**

Nasiana fanatsarana teo amin'ny fizarana mikasika ny saram-panoratana mba hisorohana ny fialana amin'ny tsy fandoavan-ketra. Arak'izany, eo amin'ny lafiny hetra dia heverina toy ny rava ny orinasa manao ny fivarotana ny petrabola rehetra nananany amin'ny mpiombon'antoka iray na maromaro izay tsy tao anatin'ny orinasa. Toy izany koa ny fivarotana ny ampahan'ny petrabola manontolo ao anatin'ny telo taona izay tsy voafetra ho amin'ny mpiara-miombon'antoka iray.

- **Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania na “Droit d'accise” (DA):**

Nasiana fanamarihana teo amin'ny fanafarana sigara. Ferana tsy hihoatra ny 5% ny sandan'ny famokarana eto an-toerana tamin'ny taom-piasana teo aloha ny sandan'ny sigara azo afaran'ireo mpisehatra amin'izany.

Natsaraina ihany koa ny famerana io “DA” io eo amin'ny alikaola, ka ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia ampiharana ireo taha ara-tsanda na “taux ad valorem” izay tsy tokony ho latsaky ny vola voakajy tamin'ny sanda farany ambany. Izany hoe, raha mampiakatra ny vidiny ny mpivarotra dia miakatra manaraka izany koa ny hetra tsy mivantana na ny “DA”.

Nasiana fanitsiana koa ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania, toy ny, «jus de fruits», «eaux gazeifiées», «eaux minérales additionnées de sucre ou d'autres édulcorants»,

«eaux aromatisées», «boissons non alcooliques», «alcools éthyliques non dénaturés d'un titre alcoométrique volumique de 80% ou plus», «eaux-de-vie dénaturés de tous titres» sns...

- **Haba amin'ny tataom-bidy na «Taxe sur la Valeur Ajoutée» (TVA):**

Nahitana fanovàna sy fanatsarana ihany koa teo amin'io lafiny io. Voalaza amin'izany, fa ny olona na antokon-draharaha manana vola maty tsy misy haba mihoatra na mitovy amin'ny 400 000 000 Ariary dia tsy maintsy iharan'ny TVA. Ireo orinasa vao niforona dia manana safidy hampihatra izany rehefa mahafeno fepetra. Nofoanana koa ny TVA mikasika ny fanafarana ireo fitaovana, kojakoja, fiara manokana izay natokana ho an'ny asa fikarohana, ny asa fitrandrahana sy fananganana ataon'ireo orinasan-tsolika izay manana fahazoan-dalana hitrandraka mba entina hamporisihana azy ireo hanao fikarohana eo amin'ny lafiny ara-tsolika. Nasiana fanazavana ny mikasika ny faritra iharan'ny haba na ny "territorialité de l'impôt". Ampiharana ny TVA mitsitapitapy na "TVA intermittente" ny saikin'asan'ireo olona tsy monina eto Madagasikara kanefa manatanteraka izany eto an-toerana. Napetraka izany mba hampitovy tantana ny orinasa eto an-toerana sy any ivelany.

- **Haba amin'ny tseanam-barom-panjakana na "Taxe sur les Marchés Publics» (TMP)**

Efa nampiharina nanomboka tamin'ity taona 2020 ity ny fepetra vaovao mahakasika ny haba amin'ny tseanam-barom-panjakana. Nisy fanazavana napetraka ao amin'ny andininy faha-06.02.08 ny Fehezan-dalàna amin'ny Ankapobeny mifehy ny Hetra. Voalaza amin'izany ny tokony hanaovan'ny tompon'ny tseana manana laharam-pamantarana filazana eny amin'ny ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasiny, ny haba notanan'ny mpitana kaontim-panjakana na ny mpiasa misahana ny fandoavam-bola.

Toy izay no azo nambara tamin'ireo fepetra vaovao naroso. Ny ambiny ato amin'ity volavolan-dalàna ity kosa dia miresaka ny fepetra iraisana daholo, toy ny sazim-pahatarana na «intérêt de retard», ny fanafainganana ny paika arahina, ny fandikan-dalàna amin'ny fivezivezen'ireo paraky sy ireo vokatra misy alikaola.

II- FADINTSERANANA

Taorian'izany dia nomena an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Fadintseranana ny fitenenana. Nambarany fa mizara roa lehibe ny fepetra noraisina ao amin'ny Fadintseranana izay noraiketina ao amin'ity PLFR 2020 ity dia ny fepetra ara-pitantanan-draharaham-panjakana sy ny fepetra ara-ketra.

Ireto avy ny zavatra noraisina tao amin'ny Fadintseranana mikasika ny fepetra ara-pitantanan-draharaham-panjakana:

- Fanatsarana, fanalefahana ary fanafainganana ny paika arahina na "procédure" amin'ny famoahana entana;
- Fametrahana ny lamina hifanaraka amin'ny zava-misy nifanarahana teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;
- Fanatsarana sy fanamafisana ny Fehezan-dalàna mikasika ny Fadintseranana noho ny mahafototra iaingana azy amin'ny andinin-dalàna mikasika ny famoahana entana. Izany dia natao mba hanatsarana sy hiarovana ny fampidiram-bolam-panjakana ary hahatonga ny Fadintseranana ho tomponandraikitra feno sy mba hahamora ny fomba fiasany.

Tsara ny manamarika fa i Madagasikara dia mpikambana ao amin'ny «Organisation Mondiale des Douanes». Izy io no mamoka ny «proposition tarifaire» vaovao eo amin'ny

fadintseranana. Tamin'ny taona 2012 sy 2017 no efa nisy ny fampifanarahana ny lazam-bidy na «alignement tarifaire» efa natao teto amintsika. Maromaro anefa no nahitsy sy nodiovina tao anatin'izany, ka izay no mahazava-dehibe ity volavolan-dalàna ity. Isan'izany ny fanafoanana ny zana-tsokajy «autres» maromaro satria fanaovan'olona hosoka izy ireo.

Nametraka tanjona ny hampiditra vola mitentina 3 007,2 Miliara Ariary ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana ny Fadintseranana nandritra ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana taona 2020. Noho ny fisian'ny krizy ara-pahasalamana izay miantraika any amin'ny fandraharahana anefa dia ny 80%-n'izany ihany no ezahina ho trararina ato anatin'ity tetibolam-panjankana nasiam-panitsiana taona 2020 ity, izay mitentina 2 421,6 Miliara Ariary; 20%-n'ny tahan'ny sorabola voafaritra tao amin'ny tetibola taona 2020 no vinavinaina tsy ho tafiditra, izay mitentina 585,6 Miliara Ariary. Marihana anefa, fa noho ny filan'ny firenena manoloana ny krizy ara-pahasalamana dia hiezaka ny Fadintseranana hanatratra fampidiram-bola mitentina 2 421,6 Miliara Ariary izay voalaza etsy ambony.

Nisy fidinana 122,9 Miliara Ariary ny «droit de douane» ary 286,2 Miliara Ariary ny TVA. Nahitana fidinana ihany koa ny «Taxe sur les Produits Pétroliers» satria nidina hatrany amin'ny 15% ny fanafarana izany teto amintsika.

Nisy fiantraikany teo amin'ny Fadintseranana ihany koa ny fitotongan'ny vidin'ny solika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Ny tena voakasik'izany dia ny fanafarana akora fototra izay nidina ho 18%. Ny fampitaovana na ny “équipement” dia lasa 21%. Mbola marin-toerana anefa hatramin'izao ny fanafarana PPN na ny filàna ara-tsakafo.

Nitondrana fanitsiana ny Fehezan-dalàna mifehy ny habantseranana na ny “Code des Douanes” mba hifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena. Ao anatin'izany ny fanamafisana ny fahefana manokana ananan'ny Fadintseranana mba hahafahany manatanteraka ny asany amin'ny ady atao amin'ny kolikoly, ny fanitsiana ny fahadisoana madinidinika amin'ny lazam-bidy na “tarif” eo anivon'ny Fadintseranana.

Ao anatin'ny fepetra ara-ketra noraisina koa ny fanesorana ny zana-tsokajy “autres” ao amin'ny «tourteaux» izay efa nisy tao amin'ny tetibola taona 2020. Najanona ho eo amin'ny akora fototra ihany izany satria iaraha-mahalala, fa ny rafitry ny lazam-bidin'ny Fadintseranana na ny “structure tarifaire de douane” dia 20% ny vokatra voahodina na “produits finis”, 10% ny «produits intermédiaires» ary 5% ny akora fototra na “matières premières”. Misy anefa ny orinasa manafatra akora fototra izay manatsokajy ny entana afarany amin'ny zana-tsokajy ahafahany amin'ny fandoavana hetra na “exemptions des Droits et Taxes à l'Importation”, ka izany no antony nitondrana fanitsiana. Napetraka ihany anefa ny zana-tsokajy «autres» eo amin'ny «consommation animale». Ny zavatra misy dia lasa nidina any amin'ny zana-tsokajy «autres» indray ny mpanafatra entana, ka voatery nesorina izany mba hisorohana amin'ny fifanenjehana amin'ireo mpanafatra entana sy ny fandikan-dalàna izay ataony. Mitentina 4,3 Miliara Ariary no tombony azo tamin'izany.

Misy ihany koa fanazavana eo amin'ny fanitsiana amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fadintseranana. Ny MICTSL no mitantana ny «terminal conteneur» mikasika ny entana vao tonga ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina. Nisy fampifanarahana na “alignement” ihany koa ny fanomezana ireo entana afarana izay manana sata omen-tombon-dahiny na «régime préférentiel» raha oharina amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena. Ny velirano izay noraisin'ny fanjakana Malagasy tamin'izy ireny dia nitondrana fanamafisana ihany koa.

Nitondrana fanazavana ny mikasika ny taratasy fanamarinana na ny “certificat d’origine” ao amin’ny Fehezan-dalàna. Nitondrana fanatsarana koa ny fanefana ny habantseranana mba tsy ho lasa fialana na fanaovana fanelanelanana ao amin’ny Fadintseranana.

Napetraka mazava tsara koa ny paikady mikasika ny tsy maintsy ametrhana antoka ho an’ireo entana izay nahazo fanalana tsatoka nandritra ny fampiakarana ny raharaha amin’ny fanelanelanana “obligation de consigner ou de garantir les marchandises faisant l’objet de mainlevée lors du recours à l’arbitrage” mba hanamafisana ny fiarovana ny fampidirambolam-panjakana.

Ankoatra ny fepetra ara-ketra na «mesure fiscale» dia misy fanatsarana ny lazam-bidy na “Tarif des Douanes” ao amin’ny Fadintseranana. Tafiditra ao anatin’izany ireny lazam-bidy izay mbola tsy nazava tsara tamin’ny taona 2014 ireny. Marihana fa tsy misy fiantraikany ara-ketra ny fanovàna izay natao, fa napetraka mba hahafahana manamora sy manatsara ny fomba fiasa.

Toy izay no azo ambara mikasika ny Fadintseranana.

III- LAFINY ARA-TOEKARENA

Rehefa izay dia niroso tamin’ny lafin’ny toe-karena ny teknisiana. Nilaza ny teknisiana fa raha 5,5% no tanjona tamin’ny fitomboan’ny harinkarena faobe tany amin’ny tetibolam-panjakana taona 2020 dia tsy ho tratra izany noho ny fisian’ny krizy ara-pahasalamana mandalo eto amin’ny firenena sy eran’izao tontolo izao. Vinavinaina ho lasa 0,8% izany amin’ity volavolan-dalàna, taona 2020 ity noho ny antony maro, toy ny fikatonan’ny orinasa maro eto an-toerana, ny fitotongan’ny toekarena manerana izao tontolo izao izay miteraka ny fihenana ny fifanakalozana ara-barotra iraisam-pirenana, ny fahaverezan’asa, sns...

Ny «secteur primaire» no tsy voakasiky ny vokatra ateraky ny krizy ara-pahasalamana. Raha 4,6% no vinavina natao tamin’ny tetibola taona 2020 dia lasa 3,5% izany amin’ity tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020 ity. Ny «secteur secondaire» sy «tertiaire» no tena voakasika indrindra. Raha novinavinaina ho 7,4% ny fitomboan’ny sehatr’asa teo aloha dia 1,3% no vinavinaina tavela raha ny “secteur secondaire” no jerena. Ny tena voakasika amin’izany dia ny «industrie extractive», toy ny ao Ambatovy izay nanakatona vonjimaika ny orinasany, ny «secteur textile» ary ny «matériaux de construction» izay niainga tany amin’ny 6,5% no novinavinaina ho fitomboany tamin’ny tetibolam-panjakana taona 2020 dia lasa -2,1% izany amin’ity volavolan-dalàna, taona 2020 ity. Raha novinavinaina ho 5,2% ny fitomboan’ny «secteur tertiaire» tamin’ny tetibolam-panjakana taona 2020 dia -0,8% izany amin’izao, ka ny BTP no tena nihena. Manaraka izany koa ny sehatra ara-barotra, ny fitaterana ary ny toeram-pisakafoanana sy fandraisam-bahiny izay 13,2% izany teo aloha ary lasa -7,5%; na dia nihena aza ny fitomboan’ny harinkarena amin’ity taona 2020 ity dia vinavinaina hisy fiakarana ho 4,1% izany amin’ny taona 2021 ary ho lasa 7% amin’ny taona 2023. Tsy tokony hisy fihetsehana ny fisondrotry ny vidim-piainana na dia ahitana fiakarana kely aza ny vidin’entana noho ny krizy ara-pahasalamana mandalo eto amin’ny firenena. Nahitana fidinana ihany koa ny tahan’ny tsindrin-ketra. Raha 11,5% teo aloha dia lasa 8,9% izy amin’izao fotoana izao.

Manoloana izany dia manao ezaka ny fanjakana hanonitra ny fahabangana mba hampandehanana ny toekarena. Koa araka ny antontan'isa dia novinavinaina hahatratra 16,7% ny tahan'ny fampiasam-bola amin'izao volavolan-dalàna izao raha toa 25,4% izany taloha. Ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana no manana taha ambony izay 9,3% raha oharina amin'ny sehatra tsy miankina izay 7,4%.

IV- TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Nambaran'ny teknisiana fa mizara dimy ny fifandanjana na ny “équilibre général sur la loi de finances» amin'ity volavolan-dalàna ity.

FIZARANA VOALOHANY: TETIBOLA ANKAPOBENY

Amin'ny ankapobeny dia nahitam-pihenana 1562,4 Miliara Ariary ny fidiran'ny volam-panjakana, ka tany amin'ny fampidiran-ketra sy fadintseranana no voakasika tamin'izany; na izany aza, nisy fiaraha-miasa teo amin'ireo mpamatsy vola sy ireo mpiara-miasa ara-tekinika sy ara-bola izay nahafahana nampiakatra ny fampidiram-bola. Teo ihany koa ireo fidiram-bola tsy avy amin'ny hetra izay nahitana fiakarany, ka mifandraika amin'ny fanonerana nataon'ny tranom-piantohana araka ny fifanarahana natao tamin'izy ireo izay mitentina manodidina ny 2 Tapitrisa Dolara na 8 Lavitrisa Ariary teo ho eo noho ny tsy fahampian'ny rotsak'orana tany amin'ny faritra Atsimo.

Ankoatr'izay, nisy koa ireo fanampiana ara-bola izay mitentina 349 Miliara Ariary tao amin'ny tetibola lasitra taona 2020 izay lasa 562 Miliara Ariary izany ato anatin'ity volavolan-dalàna ity. Ny 10 Tapitrisa “Euros” dia avy amin'ny Vondrona Eoropeana, ny 50 Tapitrisa Dolara avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, ka ny 15 Tapitrisa Dolara no ho azo amin'ity taona ity ary mbola hanome 25 Tapitrisa Dolara fanampiny izy ireo hiatrehana ny loza ara-boajanahary. Eo ihany koa ny «Banque Africaine de Développement» izay nanome 10 Tapitrisa Dolara. Misy ihany koa ny antsoina hoe «capital humain», 100 Tapitrisa Dolara izay mitsinjara ho 87 Tapitrisa Dolara fanampiana ary 13 Tapitrisa Dolara fampindramam-bola.

Vola miditra ho an'ny fanjakana ihany koa ny famantsiam-bola avy any ivelany, izay hanaovana tetikasa fampandrosoana ary hiakatra 74,2 Miliara Ariary izany.

Raha ny vola mivoaka indray, tsara ny manamarika fa noho ireo fanampiana betsaka ireo izay misy fanomezana ary misy fitrosana dia miakatra ihany koa ny zanabola amin'ny trosa.

FIZARANA FAHA-2: TETIBOLA ANANKINA

Ity fizarana ity dia mikasika ny tetibolan'ny Paositra sy ny “Imprimerie Nationale”.

FIZARANA FAHA-3: FAMPIASANA NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Misy fiovàna kely ao amin'ny “compte particulier du trésor”, ao amin'ny andininy faha-11 sy faha-12. Ao anatin'ity kaonty manokana ity no ahitana:

1. “compte prêt”
2. “compte de commerce”: izay misy ny CPR, CRCM izay mitentina 736 Miliara Ariary.
3. “compte de participation” izay ahitana:
 - Famadihana ho renivola ny fatiantoky ny Banky Foibe izay zakain'ny fanjakana
 - Fandoavan'ny Fanjakana vola mitentina 100 Miliara Ariary mba hitazonana ny fandraisana anjara ao amin'ny renivola amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena ny fidinan'ny sandam-bola;

- Hita ato ihany koa ny momba ny fanampiana ny orinasa ato anatin'ny izay misedra olana ka mila fanampiana;
- Ireo petrabolan'ny fanjakana anatin'ny orinasa any ivelany.

FIZARANA FAHA-4: FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY.

Ity fizarana ity dia misy ireo “opérations sur fonds de contre valeur”. Izany hoe ireo fanampiana omen'ny mpamatsy vola izay ataony entana ary avadika ho lelavola, ka ifanarahana ny hanaovana ny tetikasa.

FIZARANA FAHA-5: FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ity fizarana ity dia mikasika ny fitadiavana famatsiam-bola any ivelany tahaka ny fanampiana ary ny fanohanana ara-bola izay mitaky ny hanaovana tetikasa fanavaozana izay ifanarahana. Nambarany hatrany, fa amin'ity taona ity ny tahan'ny trosa dia 36% raha oharina amin'ny PIB, ka mba hialana amin'ny fitrosana na fiankinan-doha amin'ny hafa lalandava dia tokony hotrandrahana ny harena misy eto amin'ny firenena; na izany aza, tsy afaka hoe tonga dia miala amin'io fiankinan-doha io ny firenena Malagasy fa atao tsikelikely izany.

Ankoatra ny trosa, eo ihany koa ny fanaovana BTA (Bons du Trésor par voie d'Adjudication), izay findramam-bola amin'ny banky. Mba hialana amin'ny famehezan'ireo banky ity fomba fampindramam-bola ity dia misy ny sosokevitra mba hitodihana amin'ny olom-pirenena manana fahafahana manao izany.

Araka izany, amin'ity taona ity dia misy ny vinavina ny hanaovana “bons du trésor de relance économique” sy “bons du trésor fanorenana”, ka hanentanana ny olom-pirenena tsirairay, indrindra ireo manana fahafahana amin'izany, mba harisika satria isan'ny tombony ao anatin'izany ny fahazoana zanabola.

Anisan'ny tetikasa vinavinain'ny fitondram-panjakana ihany koa ankehitriny ny fananganana Bankin'ny Tahirim-bola na “Banque du Trésor” izay hanome tombony ho an'ny tsirairay ary misy fiantraikany amin'ny zanabolan'ny trosa.

Vinavina hatao ihany koa ny hametraka kaonty tokana ho an'ny tahirim-bolam-panjakana, ka ahafahan'ny fanjakana mampiasa ny vola tokony aloany amin'ny “fournisseur” raha mbola tsy alain'ny “fournisseur” izany. Ny tena lehibe indrindra ato amin'ity fizarana fahadimy ity dia ny fampindramam-bola ataon'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena izay mitentina 166 Tapitrisa Dolara izay hampiasain'ny tahirim-bolam-panjakana avy hatrany noho ity valan'aretina ity.

Taorian'izay dia nandroso fanazavana mikasika ny trosa ivelany na “emprunt extérieur” ny teknisiana. Ny «plan d'emprunt extérieur 2020» dia vola natokana ho an'ny tetikasa fampandrosoana. Misy amin'ireo tetikasa ireo no efa nahazo fankatoavana ary misy no mbola dinihana. Mitotaly 5 427 Miliara Ariary no voafaritra ao amin'izany drafitra izany, izay ahitana ohatra ny resaka fambolena, ny angovo, ny resaka sosialy sns...

Raha izay no momba ny trosa ivelany dia miompana betsaka amin'ny “bons du trésor par adjudication” kosa ny trosa anatin'ny; 70%-n'ny “investissement” dia vatsian'ny avy any ivelany ka 1 631 Miliara Ariary no fitrosana vinavinaina amin'ity taona 2020 ity: fanaovana fotodrafitrasa marotoy ny lalana, tohadrano, sns...

V- FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA

Ireto teboka telo manaraka ireto no nahatonga ny fanitsiana ny fandaniam-bolam-panjakana taona 2020:

- Ny fiovan'ny rafitry ny Governemanta tamin'ny voalohan'ny taona 2020.

- Ny fisian'ny tondran-drano teto amin'ny firenena.
- Ny famehana ara-pahasalamana.

Noho ireo teboka voalaza etsy ambony ireo dia vinavinaina fa tsy ho tratra ny fidiram-bolam-panjakana izay efa noheverina hotratrarina tamin'ny LFI 2020.

Mikasika ny famelabelarana ny fandaniem-bolam-panjakana LFR 2020, misy ny fihenana faobe amin'ireo sehatr'asa ara-toekarena. Ny sehatr'asa tena voakasika amin'izany dia ny hotely sy ny toeram-pisakafoanana, ny «textile», ny BTP, ny indostria manao asa fitrandrahana vaventy ary ny fitaterana. Misy koa ny fihenana ny tahan'ny tsindrin-ketra izay novinavinaina ho 11,5% teo aloha ka mety ho lasa 8,9% amin'ity LFR ity.

Izany dia nateraky ny fatiantoky ny tetibola ho 6,3%-n'ny PIB.

Ho 0,8% ny tahan'ny fiakaran'ny toekarena amin'ity taona ity. Raha ampitahaina amin'ny firenena any ivelany izay misy ambanin'ny 0% dia azo ekena io taha io.

Mikasika ny fandaniem-bolam-panjakana dia vola mitentina 10 441,8 Miliara Ariary no vola ampiasaina ho an'ny karama, fampandehanan-draharaha sy ny hanapamokarana.

Mitsinjara toy izao izany fandaniem-bola izany:

- Ny «solde» dia novinavinaina ho 2 698,5 Miliara Ariary,
- Ny «indemnités» dia 224,9 Miliara Ariary,
- Ny «biens et services» dia 1 331,5 Miliara Ariary,
- Ny «transfert» dia 1 206,1 Miliara Ariary,
- Ny «PIP externe» dia 2 622,7 Miliara Ariary,
- Ny «PIP interne» dia 2 358,2 Miliara Ariary.

Ireo laharam-pahamehana:

- Fanalefahana ny fandoavan-ketra ho an'ireo sehatra tsy miankina,
- Misy ny «Plan Marshall» mikasika ny fampiasam-bolam-panjakana izay mitsinjara toy izao:
 - Fanamafisana ny fandaniem-bola ara-tsosialy nateraky ny “Covid-19”
 - Famatsiana ny «fonctions régaliennes de l'Etat»
 - Fiomanana amin'ny fanarenana ara-toekarena rehefa tapitra ny “Covid-19”

Mikasika ny fandaniana ara-tsosialy dia mahasahana ny 29% ny fandaniem-bolam-panjakana ao amin'ny LFR, misy ihany koa ny vola natokana ho an'ny sehatra sosialy izay mitentina 200 Miliara Ariary ka anisan'io ny hiadiana amin'ny “corona virus” sy hanamafisana ny sehatry ny fahasalamana.

Mikasika ny «fonction régaliennne de l'Etat», ireto avy ny asa goavana hatao amin'izany:

- Fanorenana «05 BOA (Bataillon Opérationnel Avancé)»
- Fanorenana «07 nouvelles Brigades de Police»
- Fametrahana «02 CSAO (Centre Spécial d'Aguerrissement Opérationnel)»
- Fametrahana «06 Détachements Spéciaux de Sécurité»
- Fanomezana fitaovana ho an'ireo mpiandry sisitany
- Fametrahana «Brigade Routière Spéciale» na BRS
- Fametrahana «26 Postes de police» eo anivon'ny renivohitry ny Distrika
- Fanorenana Fitsarana Ambaratonga Voalohany miisa 05
- Fanorenana «02 Maisons de Force (Grande Prison)»
- Fanorenana «06 Maisons Centrales (Prisons)».

Raha ny momba ny fiomanana amin'ny fanarenana ara-toekarena kosa rehefa tapitra ny «Covid-19» dia:

Misy tetikasa fampiasam-bolam-panjakana miisa 719 hatomboka na ho faranana amin'ity taona 2020 ity. Efa nisy tetikasa 119 efa natomboka tamin'ny taona 2019 ka mahazo anjara amin'io tetikasa io daholo ny Distrika rehetra manerana an'i Madagasikara. Mahatratra 1 043 Miliara Ariary ny famatsiam-bola natokana ho amin'izany.

Misy Distrika nanaovana ohatra tamin'izany dia ireto manaraka ireto izany: Mitsinjo, Nosy Varika, Belo Sur Tsiribihina.

Ao anatin'ny «Plan Marshall» dia 2 Miliara Ariary isaky ny Faritra no natokana hanaovana fananganana fotodrafitrasa, fanomezana «engins» hanamboarana lalana isaky ny Faritra, famindrana ny fitantanana ny tsenam-barom-panjakana eo anivon'ny Faritra, famatsiana ny CLD ary fanamboaran-dalana 10 kilometatra farafahakeliny isaky ny Faritra.

Mbola hita ao ihany koa ireto manaraka ireto: fampandehanana ny tetikasa «One District, One Factory», fametrahana «50 smart villages», fametrahana ny «hotspots/wifi gratuit», fanohizana ny fametrahana jiron-bahoaka, fanorenana efitrano fianarana miisa 4 isaky ny Distrika ary fandraisana ho mpiasam-panjakana ireo mpampianatra FRAM.

Vinavinaina fa amin'ny taona 2024 dia samy hahazo fotodrafitrasa ilaina amin'ny fampandrosoana ny Distrika rehatra manerana an'i Madagasikara. Eo ihany koa vao tafapetraka ny «éléments fondamentaux» hitarafana ny «émergence économique».

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA:

- 1- Inona no fanatsarana nentin'ity volavolan-dalàna ity raha oharina amin'ny LFI 2020?
- 2- Tsy afaka ahena ho 10% na 12% ve ny IR mba hahafahan'ireo orinasa tsy miankina miaina tsara manoloana ny krizy? Inona no fanalefahana ara-ketra ataonareo amin'izao fihibohana izao?
- 3- Mety ve raha atao «taux proportionnel» ny hetra tambatra na ny «impôt synthétique»?
- 4- Mbola iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy ihany ve ny orinasa iray raha toa tsy mahatratra 400 000 000 Ariary ny vola matin'ny orinasa iray?
- 5- Tsy dia nahitana fiovàna loatra ny sorabola ato amin'ny PLFR 2020, raha ampitahaina ny TVA 18% sy 20%. Inona no fanazavana mikasika izany? Maninona raha averina ihany ny TVA 18%?
- 6- Aiza amin'ireto tolotra fanovàna ny tetibola ireto no misy ny fepetra mifanaraka amin'ny fanarenana ny toekarena rehefa tapitra ny "Covid 19"?
- 7- Efa tapitra ny fifanarahana teo amin'ny «GASYNET» sy ny Fanjakana, kanefa ahoana no mbola tsy miverina amintsika ny fanaraha-maso ireo entana miditra sy mivoaka amin'ny Fadintseranana?
- 8- Inona amin'ireo vokatra ilain'ny vahoaka amin'ny fiainany andavan'andro no tokony hanenana TVA ka tsy hisy fiantraikany be loatra amin'ny fidiran'ny hetra?
- 9- Azo atao ve ny manamaivana ireo akora nafarana avy any ivelany izay ahodina eto an-toerana?
- 10- Inona no azo resahina hanaovana tatitra amin'ny vahoaka mikasika ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fitsaboana?
- 11- Ny mpanao asa tàmàna ve misitraka ny taratasy fanamarinana na «certificat d'origine» izay avoakan'ny Fadintseranana?

- 12- Azo atao ve ny tsy mampandoa haba ny «tapis mohair» toy ireo fitaovam-pitsaboana?
- 13- Azo omena «franchise» ve ny Solombavambahoaka raha ohatra manafatra fiarakodia roa: ny iray entina miasa ary ny iray ampiasain'ny vahoaka?
- 14- Inona no fepetra efa naroson'ny Fadintseranana manoloana ny Governemanta ka efa noraisiny?
- 15- Azo eritreretina ve ny fisian'ny «innovation» eo amin'ny fitadiavana lalam-bola hanampiana ny sehatra tsy miankina satria izy ireo no mamokatra sy manampy eo amin'ny fitomboan'ny harinkarena Malagasy?
- 16- Tsy tokony hiroso amin'ny “création monétaire” ve ny firenena noho ireo harena ankibon'ny tany betsaka misy eto amin'ny firenena?
- 17- Tsy fotoana ve izao mba hampidirana ny «secteur informel» ho amin'ny ara-dalàna amin'izay?
- 18- Mitombina ve ny filazana fa hiakatra 7% ny harinkarena afaka telo taona kanefa voakasiky ny krizy ny firenena?
- 19- Inona no hatao mba hahatratrarana marina ny fitomboan'ny harinkarena ho taha 7% amin'ny taona 2023?
- 20- Maninona raha hatsaraina ny vokatra eto an-toerana mba idiran'ny “devises” fa tsy hanafatra foana?
- 21- Rahoviana no atao ny BTA ho an'ny tsirairay? Ahoana no tokony hahalalan'ny olona azy?
- 22- Inona amin'ireo famoaham-bola ireo no atao any amin'ny Faritra raha fizarana ao amin'ny andininy faha-15 ny volavolan-dalàna no jerena?
- 23- Findramam-bola avy aiza no hamenoana ny elanelana misy eo amin'ny LFI sy ny LFR izay mitentina 2 000 Tapitrisa Ariary. Firy isan-jato ny tahan'ny zanabola alaina amin'izany?
- 24- Raha mikasika ny fanampiana ireo sehatra tsy miankina ao anatin'ny fanarenana ny ekonomia dia tsikaritra fa tsy mitovy ny taha any amin'ny Banky Foibe izay 5% sy eny amin'ny banky ho an'ny mpandraharaha izay 9%. Maninona raha ny tahirim-bolampanjakana ihany no mihazona ny vola fanampiana mba hitazonana ny tahan'ny Banky Foibe ho an'ny mpandraharaha?
- 25- Ahoana ny tsy fitoviana amin'ny karaman'ny mpiasam-panjakana satria tena manantombo ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola?
- 26- Ahoana ny momba ny zanabola sy ny fangatahana fanemorana ny fandoavan-trosa amin'ny Vondrona Eoropeana?
- 27- Efa tafiditra ao anatin'ity LFR ity ve ny fitsinjovana ireo loza voajanahary izay tsy maintsy ho lalovantsika?
- 28- Manoloana ny fahasahiranana ara-tsakafo nateraky ny krizy ara-pahasalamana izao ve dia tsy azo atao ny manao «exonération» ao anatin'ny fotoana voafetra ireo entana filan'ny vahoaka andavan'andro?
- 29- Misy fe-potoana ve ny fahafahana manao “ratification” an'ireo tetikasa voarakitra ao amin'ny «plan d'emprunt extérieur 2020»; sa misy lamina araka ny hamehana na «priorisation» ihany koa?
- 30- Nahoana no latsaka ambany be ny toe-bola ho an'ny fandaharan'asa ara-tsosialy voarakitra ao anatin'ny «plan d'emprunt extérieur 2020» kanefa raha ny tapaka teto dia tsy tokony ho latsaky ny 20% izany? Tsy voarakitra ao anatin'ny «aide budgétaire» ve io lafiny ara-tsosialy io?

- 31- Azo atao ve ny milaza ny fomba fandrindrana ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny raharaha rehetra mitambesatra amin'ny firenena izao mba hoentina manaja ny fangaraharana?
- 32- Efa voatsinjo ao anatin'ny kajy ve ny fitotonganany Ariary tsy ankijanona ankehitriny manoloana ireto findramam-bola ataontsika ireto amin'ny vola vahiny?
- 33- Efa mitsinjo sy miomana amin'ny mety hisian'ny «2^{ème} vague» mikasika ny "Covid 19" ve ny fitondram-panjakana?
- 34- Inona no fanazavana mikasika ny elanelana misy eo amin'ny LFI sy ny LFR mikasika ny "transfert" sy ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany ary ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka?
- 35- Ahoana no ampiasana ny fanampiana na ny "aide budgétaire" amin'ity tetibolam-panjakana ity raha mikasika ny valan'aretina «Covid 19»?
- 36- Inona no masontsivana nahazoan'ireo Distrika efa nisitraka ireo fotodrafitrasa teo aloha ireo?
- 37- Ahoana ny mikasika ny fambolena sy ny fiompiana satria 81 Miliara Ariary no notapahina tamin'ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana?
- 38- Nahoana no tsy fantatra mialoha ny sekoly tokony hisitraka ireo efitrano fampianarana any amin'ny Distrika?
- 39- Ahoana ny mikasika ny CLD?
- 40- Manao ahoana ny mikasika ny fandraisana mpiasa hampihodina ny fotodrafitrasa hatsangana eny anivon'ireo Distrika ireo?
- 41- Manao ahoana ny mikasika ireo sehatra tsy miankina?
- 42- Hita taratra ato anatin'ny LFR ve ny fizarana ny fanamboaran-dalana sy ny efitrano fianarana miisa 4 isaky ny Distrika?
- 43- Misy famaritana mazava ve ny ahitana ny vola 1 043 Miliara Ariary ato anaty LFR?
- 44- Tsy mitovy ny isa voalaza ao amin'ny LFI sy ny LFR mikasika ny fampidirana mpiasam-panjakana. Firy no efa tafiditra ary firy ny ambiny amin'ity taona ity?
- 45- Afaka hazavaina kokoa ve ny mikasika ny fanafoanana ny fandoavan-ketra eo amin'ny fanafarana fitaovana hamokarana vokatry Malagasy?
- 46- Aiza ato anaty LFR no ahitana ny resaka "rapatriement de devises"?
- 47- Inona no azo atao hanalefahana ny sazy mihatra amin'ny orinasa misehatra amin'ny fampandrosoana kanefa tsy nahavita fanambara ny hetra. Hita fa mitentina 2 ka hatramin'ny 3 Miliara Ariary mantsy izany sazy izany ao amin'ny "finex"?
- 48- Azo faritana mazava tsara ve hoe iza mitantana ny vola azo iadiana amin'ny "Covid 19". Tazonina ihany ve ny CCO sa hametraka rafitra vaovao mihitsy ny fanjakana? Azo atao ve ny mamindra ny ampahany amin'io vola io hiadiana amin'ny tazomoka?
- 49- Tsy ho sahirana ve isika manoloana ny ady atao amin'ny kolikoly satria nahena 1 Miliara Ariary ny tetibola iadiana amin'io?
- 50- Toa tsy hita taratra ato anatin'ny LFR ny tetikasan'ny Filohampirenena mikasika ny fanamboarana ny RN14: Ifanadiana-Ikongo/Ikongo-Vohipeno. Tahaka izany ihany koa ny RN18: Vangaindrano-Midongy-Befotaka sy ny lalana Tsiroanimandidy-Maintirano ary ny lalana Marolambo-Mahanoro mirefy 130km. Aiza no tokony ahitana izany, hazavao mazava tsara?
- 51- Inona no fanazavana ara-teknika mikasika ny fitazonana ny sandan'ny Dolara raha oharina amin'ny tahan'ny fisondrotry ny harinkarena faobe 0,8% ?
- 52- Mikasika ny fanarenana ara-toekarena, ho voatazona ve ny taha 2% amin'ny fanondranana entana?
- 53- Firy isan-jato ao amin'ny LFR no mikasika ny ara-tsosialy?

VALINY:

- 1- Ny vola azo amin'ny DA no azo soritana manokana amin'izany. Mitentina 27 Miliara Ariary ka hatramin'ny 30 Miliara Ariary ny vola mety ho azo.
- 2- Rehefa aorian'ny krizy ara-pahasalamana vao tena ho sahirana ny orinasa satria mety tsy hisy intsony ny eo am-pelan-tànana, ka tsy maintsy omena tosika izy ireo. Efa ambany ny tahan'ny IR eto amintsika raha oharina amin'ny firenena sasany. Mandritra ity krizy ity dia ahemotra daholo ny fandoavan-ketra mba hitsinjovana ny fahasahiranana'ny olona. Marihana fa tsy fanalefahana na "allègement" izy io, fa fanakisahana na "report" amin'ny fandoavan-ketra ihany satria io hetra efaina izao io dia ny hetra tamin'ny vola azo, taona 2019.
- 3- Ny Hetra Tambatra dia efa "taux proportionnel" mifanaraka amin'ny vola miditra. Noferana ho dimy isan-jato amin'ny vola maty izy io.
- 4- Tsy maintsy mahafeno taom-piasana ary mahatratra ny fetra 400 Tapitrisa Ariary vao iharan'io haba alaina amin'ny tataom-bidy io na ny TVA ny orinasa iray.
- 5- Ny tena mampihena ny vola miditra amin'ny TVA dia miankina amin'ny fihariana ara-toekarena ihany. Marihana fa ny TVA dia alaina amin'ny Fadintseranana sy ny hetra anatin'ny, raha toa misy ny fitontonganan'ny toekarena amin'izao tontolo izao, na ny "récession mondiale" dia mihena ihany koa ny TVA.
- 6- Misy karazany roa ny fepetra raisina iatrehana ny fanarenana ny toekarena noho ny "Covid 19" dia ny «mesure structurelle» sy ny «mesure conjoncturelle». Ny «mesure structurelle» no noraisin'ny Fadintseranana. Ny fepetra rehetra tokony horaisina dia nohalavaina mba hanamaivanana ireo mpandraharaha amin'izao krizy mandalo amin'ny firenena izao. Ohatra noraisina tamin'izany ny fanalavana ny fe-potoana tsy andoavan-ketra izay dimy andro teo aloha ka lasa dimy ambin'ny folo andro amin'izao.
- 7- Efa tapitra ny fifanarahana nisy teo amin'ny «GASYNET» satria toy ny fifanarahana rehetra io, ka azo tapahina amin'ny fotoana rehetra; na tapitra anefa io fifanarahana io dia tsy misy zavatra azo kitihana, fa ny rafitra dia mbola mipetraka foana. Ny tanjona dia adiny telo ihany no famoahana entana raha toa telo volana izany teo aloha. Rehefa tonga ny entana dia «scanner», raha afaka telo volana aza ny tompony vao tonga dia «contrôle documentaire» no sisa atao. Efa betsaka loatra ny zavatra mifampiankina ka tsy afaka mampijanona ny «GASYNET» ny Fanjakana ary ity farany rahateo tsy manana fahafahana ividianana «scanner». Ny «GASYNET» dia manafaingana ny famoahana entana kanefa rehefa manana fitaovana isika dia afaka mampijanona izany.
- 8- Ny tena olana eo amin'ny TVA dia tsy ny taha fa ny fitantanana azy. Raha hatsaraina ny fitantanana azy dia misy fiantraikany amin'ny fidiran-ketra.
- 9- 5% ny haba alaina amin'ny akora fototra, ka raha akana hetra izy io dia tsy maintsy mandray fepetra ara-toekarena ny fanjakana vao afaka manaisotra izany. Heverina efa tena ambany io taha io.
- 10- Tsy nandoavana TVA sy habantseranana ny fitaovana ampiasaina amin'ny fitsaboana mandritra ity vanim-potoana nisan'ny krizy ara-pahasalamana ity ary afaka manafatra daholo izay manam-paniriana hanao izany.
- 11- Misitraka io «certificat d'origine» io ny mpanao asa tànana, fa mba hialana amin'ny hosoka dia fifanarahana amin'ny Fadintseranana no mamaritra izany.
- 12- Azo atao ny tsy mampandoa haba amin'ny «tapis mohair», fa miankina amin'ny fifanarahan'ny MICA sy ny Fadintseranana izany.

- 13- Azon'ny Fadintseranana atao ny manome sosokevitra amin'ny fahazoan'ny Solombavambahoaka «franchise» amin'ny fanafarana fiarakodia roa, fa ny Filankevitry ny Minisitry no manapaka farany.
- 14- Misy maromaro izy ireo; ohatra amin'izany, ny fanemorana ho dimy ambin'ny folo andro ny fe-potoanan'ny «franchise», ny fanafainganana ny famerenana ny haban'ny solika, ny fandravonana ny lazam-bidin'ny Fadintseranana manomboka amin'ny taona 2021 sns...
- 15- Efa misy ny fiaraha-miasa amin'ny Banky Foibe amin'izao fotoana izao izay hanampiana ny orinasa madinika sy salantsalany.
- 16- Efa vinavinan'asan'ny fanjakana izany satria entina mameno ny fatiantoka noho ny fiakaran'ny fandaniana. Raha 16% ny tahan'ny «croissance monétaire» tamin'ny taona 2018 dia lasa 30% izany amin'izao fotoana izao.
- 17- Ekena fa betsaka ny «secteur informel» eto amintsika, nanavotra antsika anefa izy ireo hatreto satria nahafahantsika nitazona ny fitombon'ny harinkarena tsy niiba. Tsy afaka avela ho tsy hanara-dalàna anefa izy ireo fa tsy maintsy jerena ny andaminana azy. Amin'ny alalan'ny fepetra fanentanana no entina hisarihana azy ireo hanara-dalàna.
- 18- Azo lazaina fa mitombina io satria raha jerena ny tarehimarika avy amin'ny firenena maro dia hita fa miakatra ny harinkarena rehefa avy nidina. Izany dia vokatry ny “politique de relance” ampiharina amin'ny fanjakana.
- 19- Azo tratrarina io amin'ny alalan'ny fananganana indostria, toy ny fanamboarana fanafody ohatra sy amin'ny alalan'ny fanentanana ny mponina hanjifa ny vokatra eto an-toerana.
- 20- Rehefa betsaka ny entana vokarina eto an-toerana dia midina ho azy ny vidin'entana, ka amin'izay fotoana izay, tsy hisy ho sahy hanafatra avy any ivelany ka hivarotra izany eto an-toerana.
- 21- Hatao mazava tsara ny fanentanana momba izany, indrindra ny fanomezana toky ny olona, fa tsy very akory ny volan'izy ireo.
- 22- Ny famoaham-bola ho an'ny Faritra dia tsy voafaritra mazava ato anatin'ireto fizarana ireto, fa ny azo tenenina fotsiny dia tsy miova ny vola efa natokana ho an'ny Faritra tsirairay.
- 23- Misy zavatra roa jerana momba ny famantsiam-bola:
Voarakitra ao amin'ny «Plafond d'emprunts» izay mandrakitra ny fifanarahana rehetra hosoniavina. Ny «tirage» ao amin'ny “ligne emprunts” kosa dia ahitana ny vola ho azo amin'ity taona ity ary efa nandalo sy tsy maintsy mandalo eto amin'ny Antenimierampirenena avokoa izy ireo.
- 24- Ny fampindramam-bola ho fanampiana ireo sehatra tsy miankina dia efa hatao amin'ny alalan'ireo fampindramam-bola madinika izay amin'ny taha 4,75%.
- 25- Ny mpiasan'ny Minisitery ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola amin'ny maha “régie financière” azy dia manana “indemnities” izay iraisany sy itoviany amin'ny Minisitery na sampana misahana ny vola maneran-tany. Ny Minisitery tsirairay ihany koa dia samy manana ny mampiavaka azy. Mitovitovy daholo ny mpiasam-panjakana: ny «Magistrat», ny Polisy, ny «Enseignement Supérieur, sns...
- 26- Efa eto am-pelan-tànana daholo ny antontan-taratasy momba ny «moratoire de la dette». Tapaka tamin'ny fivoriana ny G20 farany teo ohatra ny fanapahan-kevitra milaza fa afaka tsy mandoa ny «service de la dette» amin'ity taona ity ny firenena mpitrosa mba ahafahana miatrika ny krizy kanefa betsaka loatra ny fepetra apetrak'izy ireo ary mbola eo ampandiniana ny momba izany isika.

- 27-** Raha sanatria ka misy ny loza voajanahary, efa misy ny rafitra natokana hitantana izany; efa manana ny tetibolany manokana tsy azo hetsehina amin'ny anton-draharaha hafa, eny fa na amin'ny ady amin'ny «Covid 19» aza. Isan'izany ohatra, ny vola azo amin'ny ARC, ny CATDDO izay natao hitsinjovana sy hitantana ny loza voajanahary, toy ny tondra-drano, ny hain-tany, sns...
- 28-** Hampitaina amin'ny ambaratonga mahefa ny fangatahana «exonération» amin'ireo entana filàna fototra ilain'ny vahoaka andavan'andro; na izany aza, zava-dehibe ny tokony hampiroboroana ny famokarana eto an-toerana, indrindra ireo vokatry izay tsy maintsy ilain'ny mponina andavan'andro.
- 29-** Ny “ratification” dia azo atao foana saingy ny fahavitan'izany, tsy midika hoe azo eo no ho eo ny vola. Ny fizotrany dia miantomboka amin'ny fifampiraharahana aloha (négociation), avy eo miditra amin'ny «board» na «Conseil d'Administration» ny mpampindram-bola ary ity farany no mamaritra ireo fepetra hahazoana ny vola. Izany hoe, amin'ny ankapobeny, 90 andro aorian'izay vao miditra eto anivon'ny Parlemanta sy maka ny «avis juridique» eny anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.
- 30-** Tsy midika fa ny tetibola hita ato amin'ity volavolan-dalàna ity ihany no natokana ho an'ny ara-tsosialy. Misy fandaniana toy ny «dépense de fonctionnement» hafa ohatra.
- 31-** Eo ny «Cour des Comptes» hanamarina izay rehetra natao. Raha ho an'ny fitantanana ny krizy ara-pahasalamana manokana ohatra, efa eo an-dalam-pivoahana ny didim-panjakana mamaritra ny fitantanana ireo famatsiam-bola rehetra momba izany sy ny fandrindrana ny asa mba hialana amin'ireo pitsopitsony tsy mazava amin'ny fitantanana.
- 32-** Efa voadinika sy notsinjovina mialoha izany nandritra ny fandrafetana ny antontan-taratasin'ireto findramam-bola vahiny ireto.
- 33-** Efa miomana amin'ny lavitra isika eo amin'ny fitantanana ankapoben'ny fahasalamam-bahoka. Tafiditra ao anatin'izany ohatra ny fahatongavan'ireo fitaovana hoentina hananganana ny orinasa mpamokatra fanafody eto Madagasikara hiatrehana ny filan'ny Malagasy eo amin'ny fitsaboana izay tsy hionona amin'ny «Covid 19» ihany.
- 34-** Ny «transfert» dia nahatratra 1 200 Miliara Ariary satria ny antsasaky ny programan'ny fampiasam-bolam-panjakana anaty na “PIP interne” dia nampidirina tamin'ny “transfert” avokoa. Maro ireo Minisitera no tsy maintsy nampihena ny vola entina miasa tao aminy ka izay no antony nahatonga ny elanelana.
- 35-** Ny fanampiana avy amin'ny mpamatsy vola any ivelany dia miditra avy hatrany amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Samihafa anefa ny «aide budgétaire» sy ny «aide projet». Ny «aide budgétaire» dia hitondrana fanazavana rehefa tapitra tanteraka ny valan'aretina. Ny «aide projet» kosa, tonga dia itondrana tatitra avy hatrany.
- 36-** Nahazo fotodrafitrasa ireo Distrika ireo noho ny fitarainana nentin'ny Solombavambahoaka tamin'ny fihaonana tamin'ny Governemanta izay notapahana tamin'ny Filankevitry ny Minisitry.
- 37-** Nahitana fihenana daholo ny tetibolan'ny Minisitera tsirairay noho ny fiatrehana ny «Covid 19» satria tsy mbola fantatra hoe hatraiza no hiafaran'ity valan'aretina ity.
- 38-** Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena any an-toerana no mamaritra ny toerana hanorenana izany ka mila mifampiresaka amin'izy ireo.
- 39-** Hatreto aloha, tsy mbola nisy fiovàna ny mikasika ny CLD. Raha misy ny didy manova azy dia vonona hampihatra izany ny Minisitera.

- 40-** Efa misy «postes budgétaires» miisa 14 000 hotsinjaraina izay mifanaraka amin'ireo fotodrafitrasa hatsangana ireo.
- 41-** Efa nisy ireto fepetra manaraka ireto: fanalefahana ny fandoavan-ketra, ny fanamorana ny fahazoana mitrosa vola any amin'ny banky. Efa eo ampandinihana azy ny Fanjakana.
- 42-** Tsy mbola vita ny fomba hamaritana ny toerana hanaovana ny lalana mirefy 10km isaky ny Faritra, fa miankina amin'ny tomponandraikitra any amin'ny Faritra. Ny efitrano fianarana kosa dia ilana fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka
- 43-** Ny volan'ny programan'ny Fampiasam-bolam-panjakana (PIP) izay mitentina 2 300 Miliara Ariaray no nakana ny 1 043 Miliara Ariary.
- 44-** Ny fampidirana mpiasam-panjakana dia tsy maintsy arindra tsara, ny isany amin'ny ankapobeny no efa voafaritra, fa ny fizarana azy ireo dia mbola hifampidinihana amin'ny Praiminisitra. Ny antony tsy fitovian'ny isa dia miainga avy amin'ny fisian'ireo mandeha misotro ronono kanefa mbola tazonin'ny Minisitera ny isa efa natokana ho azy.
- 45-** Ny fitaovana izay tsy misy eto an-toerana ihany no iharan'ny fanafoanan-ketra. Ny entana ihany no mahazo azy io fa tsy ny saran'asa na "service".
- 46-** Tsy hita ato anaty LFR izany fa any anaty ny «balance de paiement» satria izy ireo dia vola azo tany ivelany.
- 47-** Ny lalàna no mamaritra ny fomba fivezivezen'ny vola vahiny izay arahina maso ao amin'ny "finex", ny lalàna ihany koa no mamaritra ny sazy mifandraika amin'izany. Raha toa misy ny fanavaozana kasaina hoentina dia vonona sy misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola.
- 48-** Ny rafitra rehetra dia mandray anjara amin'ny fiadiana amin'ny "Covid 19". Efa misy ny volavolan-dahatsoratra entina mampiasa ny vola azo amin'izany. Ny ady amin'ny tazomoka kosa dia efa manana ny tetibolany manokana.
- 49-** Ny fampiasam-bolam-panjakana na ny PIP ihany no nesoriana fa ny fampandehanan-draharaha rehetra mbola voatazona avokoa.
- 50-** Tetikasan'ny Filohampirenena ireo lalam-pirenena ireo ary toy izao ny fitsinjarana azy: RN1 bis mirefy 480 km ary mitentina 2 Miliara Ariary, RN12 Vohipeno-Farafangana, mitentina 22 Miliara Ariary, RN14 A mirefy 130km, mitentina 5 Miliara Ariary ary ireo ambiny tsy voatanisa dia tafiditra ao anaty "Plan Marshall" izay tsy voatery ho vita amin'ity taona ity daholo.
- 51-** Ny fampiakarana ny sandan'ny programa fampiasam-bolam-panjakana na «investissements publics» izay hatao isaky ny Distrika dia amin'ny alalan'ny fanomezana ny tsenam-barom-panjakana ireo orinasa any an-toerana. Izany dia miteraka ny fiakaran'ny vola miditra eo amin'ny vahoaka sy fampananan'asa amin'ny alalan'ny fanerena ireo orinasa hampiditra mpiasa, ka farafahakeliny ny 15% dia tsy maintsy avy ao amin'ny toerana hanaovana izany fampiasam-bola izany. Eo ihany koa ny famantsiam-bola azo amin'ireo mpamatsy vola avy any ivelany izay manohana ny sandan'ny vola vahiny.
- 52-** Tamin'ny LFI dia efa naato ny 2% ka mbola mety hiato ihany izy ao anatin'ity LFR ity. Ny sampandraharahan'ny hetra dia manao ny "acompte" fotsiny fa ny Fadintseranana no manao ny fitakiam-bola.
- 53-** Ny 29% ao anaty LFR dia natokana ho an'ny sehatra ara-tsosialy ary nahitana fiakaran'ny 1% izany raha oharina amin'ny LFI.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA:

- 1- Tsara raha ahena ho 18% ny tahan'ny TVA ary 5% ny tahan'ny «DA» eo amin'ny fifandraisana.
- 2- Marina fa mila fehezina ny fiakaran'ny vidim-piainana fa rehefa manao «création monétaire» isika dia afaka manampy ireo mpandraharaha tsy miankina amin'ny sehatr'asa izay sahaniny mba hanaovany asa famokarana hiteraka famoronana asa.
- 3- Tokony hanangana «banque de développement» mampindrana vola amin'ny tahan'ny zanabola ambany iray isika eto an-toerana mba hahafahana manampy ireo orinasa salantsalany.
- 4- Aleo ny «secteur informel» ampidirina ao amin'ny «formel», fa rehefa ara-dalàna izy dia ampandoavina hetra satria ny eto Madagasikara dia be loatra ny “secteur informel” raha oharina amin'ny “formel”.
- 5- Tokony hojerena akaiky ary tokony halalinina ny resaka fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara. Isika hatramin'izay dia ny «informel» no tena betsaka amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Tokony hapetraka haingana ny drafitra amin'ny fitrandrahana azy io mba hahafahana manavotra ny toekarena malagasy. Rehefa miditra ao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara ny vokatra azo avy amin'izany dia mba marin-toerana ny sandam-bolantsika. Tokony hanangana banky malagasy isika mba hahafahana mampindrana ireo orinasa PME ary atao ambany ny tahan'ny zanabola alaina amin'izy ireo.
- 6- Rehefa mandrafitra ny drafitra ara-toekarena ianareo dia sorohy ny resaka fitsinjarana mitanila ary ny fanavaozana dia mba ho tombotsoan'ny firenena iray manontolo fa tsy ho an'ny Faritra vitsy ihany satria ny trosa dia zakain'ny vahoaka malagasy iray manontolo mandritra ny taona maro.
- 7- Ny mpanjifa dia izay mora vidy ihany no manintona azy, raha ny resaka savony dia betsaka kokoa ny manjifa ny savony avy any ivelany noho izy mora raha oharina amin'ny vokatra vokarina eto an-toerana. Ny tsy fisian'ny fanaraha-maso amin'ny fidiran'ireo entana mitobaka eto amintsika no mahatonga izany.
- 8- Ity krizy ity dia tokony havadika «opportunité» mba hanetsehantsika ireo orinasa madinika eto amintsika.
- 9- Ny lanjam-bola malagasy dia tsy nitsahatra nidina nandritra ny taona maromaro ka ny ahafahantsika mamadika izany dia any amin'ny «balance de paiement». Rehefa mitombo ny fanondranana fa mihena ny fanafarana dia mihena ny vola mivoaka ary mitombo ny «devise» miditra. Lasa mihamora ho azy ny “devise étrangère”. Ny zavatra hezahina hapetraka dia ny «industrie de substitution à l'importation» mba hampihena ny fanafarana entana eto amintsika.
- 10- Efa misy vahaolana azo tsapain-tànana eo amin'ny fampiasam-bola amin'ny alalan'ny PIP, izahay ao amin'ny DGEP dia efa nanao «priorisation» azy io efa herintaona lasa izay, ka ny avy ao amin'ny «APF» no manampy anay amin'ny alalan'ny «appuis technique». Miteraka fiakaran'ny fandaniana (dépense) sy ny «investissement» izany rehetra izany; kanefa ny tanjona dia mba hialana tsikelikely amin'ny fifantohana be loatra amin'ny «fonctionnement».
- 11- Tokony hazavaina tsara ireo fepetra mikasika ny findramam-bola efa anaovana fifampiraharaha ankehitriny.
- 12- Tokony hazavaina ihany koa ny momba ireo toerana hanaovana ireo tetikasan'ny Filohampirenena manoloana ireo trosa ananan'ny fanjakana ankehitriny.

- 13- Tokony hampiana ny fanazavana mikasika ny “fonds” momba ny “avance spéciale pour la pandémie”, izay tsy nandalo teto amin’ny Antenimierampirenena ny fanaovana sonia azy. Tokony hazavaina ireo fepetra amin’ny fahazoana azy sy ny fitsinjarana izany ary ny endriky ny fanomezana ho azo amin’izany.
- 14- Ny andalana faha-46 amin’ny lalàna fehizoro momba ny lalàna mifehy ny fitantanambola sy ny fanapahan-kevitra navoakan’ny HCC tamin’ny volana Aogositra 2018 mikasika ny LFR dia mitaky mazava tsara ny fisian’ny «annexe» mba hahafahana mandinika ireo volavolan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny fitantanambolampanjakana. Tsara raha ampiarahina izany amin’ny sisa sady atao tonga ara-potoana.
- 15- Tokony hazavaina ny nanaovana ny fifandanjana teo amin’ny fizarana voalohany sy ny faha-5 izay mifamadika ka nahazoana ny fifandanjana eo amin’ny fitambaramben’ny fizarana.
- 16- Tokony hazavaina ny fampiasana ireo vola efa azo kanefa tsy azo nampiasaina tamin’ny valan’aretina “coronavirus”.
- 17- Tokony hazavaina ny momba sy ny hanaovana ireo fotodrafitrasa izay tetikasan’ny Filohampirenena mbola tsy mandeha sy tsy laharam-pahamehana.
- 18- Manoloana ny fanampiana sy ny ezaka efa natao, tokony hojerena hatrany ireo olona efa tsy manana asa noho izao valan’aretina izao, ka tokony homena CNaPS izy ireo na dia 100 000 Ariary monja mandritra ny “chômage technique”.
- 19- Tokony hisy «inspection générale de l’Etat» manara-maso ny fandaniam-bolampanjakana eny amin’ny Faritra.
- 20- Tokony ho tonga ara-potoana eto amin’ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna mikasika ny LFR 2020 sy ny «annexes» mba hahafahan’ireo Solombavambahoaka mandinika izany mialoha.
- 21- Tsara raha foanana na ampiakarina ny andininy faha-06.01.07 satria mifanohitra amin’ny zavatra voalaza eo ambony ka miverina hakana hetra indray eo amin’io andalana io.
- 22- Tokony hantsoina ny Solombavambahoaka amin’ny famaritana ny toerana hanaovana lalana, fa ny tomponandraikitra any amin’ny Faritra foana no tonga dia manapakevitra amin’izany.
- 23- Tokony hazavaina ny vola atokana ho amin’ny serasera mikasika ny ady amin’ny «covid 19». Tokony hatao mazava tsara ny serasera amin’ny fitsinjarana ny fampiasana ny vola.
- 24- Tsy ampy ny «poste budgétaire» eo anivon’ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena ka tokony hampitomboina.

Taorian’izany dia niroso tamin’ny fandaniana isan’andininy ny mpivory.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

I- DISPOSITIONS FISCALES

Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: “Code Général des Impôts”: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3: “Douane”, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

II- EQUILIBRE GENERAL DU PROJET DE LOI PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE POUR 2020

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

III- DISPOSITIONS SPECIALES

Andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-18: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-19: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-23: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Araka izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Nifarana ny Alatsinainy faha-22 jona 2020 tamin'ny 4 ora sy sasany, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny namakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra aloha. Nomarihany, fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra no hatao, avy amin'ny Solombavambahoaka vao ny mpikambana avy amin'ny Governemanta.

Nanambara, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, fa nisy fotoana nanatrehany asam-baomiera saingy tsy voasoratra ny anarany.

Nilaza kosa Ramatoa JOHASY RAHARISOA ELéonore, fa tokony havadika valim-panontaniana io teny ao amin'ny pejy faha-28 io.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy fanamarihana ihany, mety ho sosokevitra koa io raha mety amin'ny Solombavambahoaka.

Nanamarika, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa nisy teny nataon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kanefa toa tsy tafiditra ato amin'ny tatitra akory.

Nilaza kosa, Andriamatoa MAMANGY Norbert, fa nazoto namonjy fivoriana ny tenany kanefa tsy voasoratra amin'ny tatitra akory.

Nanambara, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle hoe: ny tiany holazaina dia ratsy ny volavolan-dalàna kanefa nolaniahana ihany tany amin'ny asam-baomiera.

Nanamarika, Andriamatoa ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy, fa zavatra efa lany io "taux" io saingy lasa taty amin'ny fanamarihana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa hotsoahana io raha izay no izy.

Namaly kosa Andriamatoa TSARADIA Marco, fa nisy fanombohana indroa miatoana ny fivoriana, ka izay no antony nahatonga azy io ho any amin'ny fanamarihana.

Nitondra fanamarihana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa ao amin'ny lisitry ny teknisiana, tsy nanatrika fivoriana io laharana faha-14 io; ao amin'ny pejy faha-3 no ahitana izany.

Rehefa izany, nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy fanitsiana momba ny tatitra hataony.

Nilaza, Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Minisiteran'ny Vola sy ny Fitatanam-bola, fa tsy "Directeur des Etudes" ny tenany, fa tokony hovaina io filazana anarana io raha mety.

Nohamarininy koa ny teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy nanatrika fivoriana tokoa io olona volazany io.

Ao amin'ny pejy faha-28, PTF no izy fa tsy APF.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina mikasika ny tatitra, nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Vola sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana, mba hitondrany fanazavana momba ny volavolan-dalàna.

Fisaorana ny Solombavambahoaka navitrika tamin'ny famonjena ny asam-boamiera no nataony taorian'ny fisaorany an-dRamatoa Filoha tamin'ny fanomezany fitenenana azy.

Natevina ny tatitra raha ny fihainoana azy teo. Midika izany, hoy izy, fa nanao ny asany tokoa ny Solombavambahoaka. Andraikitra lehibe amin'ny adidy napetraky ny vahoaka amin'ny Solombavambahoaka tokoa izany.

Tsy mora ny fitantanana ny volam-panjakana, tsy azo atao petatoko ny zavatra tahaka izany. Navesan-danja tokoa ny fanontaniana napetraky ny olom-boafidy tany amin'ny asam-baomiera. Tsapa fa tsy nivaona tamin'ny vina napetraky ny Filohampirenena anefa izany. Tsy miova isika amin'izay fenitra amin'ny maha "pays emergent" antsika izay. Efa mazava iny raha ny "exposé des motifs" no jerena, ka tsy iverenana intsony.

Efa nisy toe-javatra nitranga tamin'ny harinkarena ary nidina 0,8% izany raha 1 volana talohan'izao mbola noeritreretina ho 1,2% izany fiakarana izany tamin'ny nandrafetana ny "cadriage macroéconomique". Noho ny zava-misy eran-tany dia tsy maintsy nidina izany taha izany. Izany hoe, hidina noho ny tsy fidiran'ny hetra sy ny volam-panjakana.

Raha momba ny PIB, mahatratra 58 315 Miliara Ariary izany. Mikasika ny trosa kosa, hifanome tàmàna isika. Marihana, fa mbola manana ny maha izy azy isika amin'ny fitantanana ny trosa. Izany hoe, antonony raha ny trosantsika no jerena, “raisonnable” raha izay no azo ilazana azy. Firenena mandoa trosa isika ary mandoa an'izany hatrany hatramin'izay. Tsy be trosa loatra isika raha mitaha amin'ny firenena hafa. Araka ny zavamisy amin'izao, raha midina ny vola dia tsy maintsy mitodika amin'ny mpamatsy vola avy any ivelany isika.

Raha ny “déficate” indray, mbola voahazona ho 6,3% izany amin'ity taona 2020 ity, fa raha mihoatra an'izay dia mety handany vola be isika. Izay aloha no vita, ka isaorana Andriamanitra, isaorana koa ny Praiminisitra ary ianareo eto amin'ny Antenimierampirenena satria araka ny voalaza tany aloha, sarotra ny mitantana ny volam-panjakana.

Heno daholo ny hetahetanareo amin'ny resaka PIP sy ny CLD ary ireo fangatahana maro avy tany amin'ny Distrika. Betsaka ny filàna avy aminareo ary fantatray izany rehetra izany. Io aloha no vita ary 6 volana sisa dia tapitra ity taona ity. Vao omaly izahay no niresaka tamin'ny FMI nanao fangatahana; hitantsika iny vola mitentina “176 Millions de Dollars” iny saingy avoaka tsikelikely izany; “42 Millions de Dollars” no avoaka isaky ny mamoaka azy. Io vola voalaza voalohany io dia natao hitazonana ny “équilibre budgétaire”; raha mahazo vola hafa isika, vao maika tsara izany. Marihana anefa fa tsy ho ampy izany ny vola azo avy any ivelany saingy efa misy azo ampiasaina aloha.

Amin'ny taona 2021, efa “taux de croissance 4%” no hojerentsika. Izany hoe, hiverina amin'ny laoniny ny PIB, ka ho tratra ny «taux de croissance 7%» amin'ny taona 2023. Izay no tanjon'ny Filohampirenena. Marihana, fa fanitsiana no atao satria vanim-potoana hafa izao lalovantsika izao. Hojerena ny fanatsarana ny fampidiran-ketra, toy ny IRSA, ny “impôt synthétique”, ny TVA. Hatao ny ezaka mba hiverenan'ny TVA ho 15%. Hampidirina ho “formel” koa ny “secteur informel”.

Eo anatrehan'ny zavamisy amin'izao fotoana izao, hifanome tàmàna isika mba amin'ny fampandrosoana ary tadidio fa efa nisy fotoana, ka ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola roa no niara-tonga teto aminareo, ka niteraka “empêchement” na fampiatoana ny Filohampirenena tamin'ny asany mihitsy tamin'izay fotoana izay.

Eto ampamaranana, isaorana ny mpiara-miasa, indrindra Andriamatoa Sekretera Jeneraly, izay tsy nandry andro, tsy nandry alina tamin'ny fanomanana ity volavolan-dalàna fanitsiana ny tetibolam-panjakana, taona 2020 ity.

Isaorana koa ny Mpampakatany tamin'ny tatitra nataony ho antsika teo.

Tsara raha napetraka izay fomba fijery izay satria fiaraha-miasa no atao. Tsy misy madilana hotetenina intsony koa ny lafiny ara-teknika. Koa mitaona anareo rehetra handany ity volavolan-dalàna fanitsiana ny tetibolam-panjakana, taona 2020 ity izahay.

Misaotra sy mankatelina antsika rehetra, Ramatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka naharitra nihaino ny fanazavana natao teto.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry no nasetrin-dRamatoa Filoha izany.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka nanao satroka talohan'ny fanomezana fitenenana azy ireo.

Nanamarika kosa Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fa mety ve Ramatoa Filoha raha aato aloha ny fivoriana, fa fotoana efa tokony hisakafoanana izao.

Nanamafy an'izany koa, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, raha nomena fitenenana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra aloha ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 77 no nanaiky fa haato ny fivoriana, Solombavambahoaka miisa 6 no nilaza fa hotohizana, Solombavambahoaka miisa 7 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa miato 45 minitra, ny fivoriana mba hahazoana misakafo.

Niato tamin'ny 1 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Niangavy ny Mpitantsoratra avy hatrany, Ramatoa Filoha, rehefa nitohy ny fivoriana hanao ny fiantsoana anarana satria zava-dehibe no hotapahana.

Mbola Ramatoa RAFENOMANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatontosa izany. Solombavambahoaka miisa 78 no tonga ara-potoana.

Nanao satroka, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle ary nanambara, fa Solombavambahoaka iray ihany no hiteny amin'ny anaran'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Nanamafy koa Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, fa tahak'izay no avy aminy.

Mitovy amin'izay ihany ny an'Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo, iray no hiteny amin'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Nilaza tahaka izay hatrany Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore saingy nangataka izy mba tsy 3 minitra fotsiny no faharetan'ny fandraisana fitenenana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa raha izay no mampety azy, hatao 5 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana.

Rehefa izany, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa nisy fandinihana lalina ity volavolan-dalàna ity. Fisaorana ny Minisitry ny Vola sy Fitantanam-bola no nataony tamin'ny fahavitan'ny asa. Ny fampiharana azy sisa, koa mino izahay, hoy izy, fa ho tratra ny tanjona; na nidina aza ny PIB, hotafarina ihany izany amin'ny taona manaraka, fa tsy hijanona amin'izao zava-misy izao. Mangataka ny hanaovana ny fampandrosoana mitovy isaky ny Distrika koa ny tenany. Nohamafisiny, fa tsy hijanona eto tsy akory ny asan'ny

Solombavambahoaka, fa hanao ny fanaraha-maso ny Mpanatanteraka ary fanatsarana sy fitadiavana fahombiazana no tokony hataontsika.

Nambarany teo ampamaranana, fa handany ny volavolan-dalàna ny GPR sady nitaona ny Solombavambahoaka namany koa izy ho amin'izany.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nambarany fa mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola ny tenany ary maro koa ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny asam-baomiera, miisa 47 no nanatrika izany ankoatran'ireo tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera. Iny no nahitanay fomba fiasa vaovao, koa tsy handraraka ilo mby an-doha intsony ny Solombavambahoaka.

Misolotena ny Solombavambahoaka “non affiliés” izahay ary resy lahatra, fa hampandany an'izao volavolan-dalàna izao. Marihana hatrany, hoy izy, fa ity no tetibola niainga tamin'ny fangatahana sy ny hetahetan'ny Solombavambahoaka amin'ny fampandrosoana ny Distrika tsirairay avy.

Niombon-kevitra tamin'ny Solombavambahoaka niteny teo alohany izy amin'ny handanian'ny “non affiliés” ity volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle no nomena fitenenana; nambarany fa niara-niasa tao anatin'ny andro maromaro ny Solombavambahoaka sy ny teknisianina avy any amin'ny Minisitara. Marina fa nitondra fanitsiana ny Minisitara; nijery an'izany izahay, hoy izy. Indraindray aza miakatra mihitsy ny feo tao anatin'ny fifampidiniana; tombotsoam-pirenena anefa no nojerena, izay no mety ho anton'izany.

Marihana koa fa nisy fotoana tsy nahatongavana nivory, toy ny tamin'ny Sabotsy sy Alahady.

Izahay GPTIM dia milaza fa miiba daholo ny tarehimarika ao anaty tatitra ankoatry ny “déficate budgétaire”. Amin'ny maha mpanohitra anay no ilazana izany. Milaza ianareo fa mety hiakatra io “taux 0,8%” io; izahay indray milaza fa hidina izany satria tsy resy lahatra tamin'ny fanazavana izahay.

Tsy hitanay ny latsabato hataonay ary hifampijery eto isika afaka 8 volana. Henjana ity ka tsy anjarako ny hitaona ny Solombavambahoaka amin'ny latsabato hataony. Hijery ny fanatanterahana an'io fiakarana 4% io izahay na amin'ny taona ho avy aza.

Taorian'izay, ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera IRD indray no nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert no nitondra ny teny ary nambarany tamin'izany, fa zavatra roa no tena nisongadina tamin'ity volavolan-dalàna ity: tao ny laharam-pahamehana iadiana amin'ny valan'aretina “covid 19” ity. Tao ihany koa ny laharam-pahamehana momba ny veliranon'ny Filohampirenena izay miisa 13. Ny ara-tsosialy no voalohany amin'izany ary ny raharham-panjakana no faharoa. Ny fahatelo kosa mikasika ny lafiny ara-pamokarana amin'ny hahavitana tena ara-tsakafo sy ny fanatsarana ny fotodrafitrasa. Izany hoe, hovaina ny endrik'i Madagasikara amin'ny fanamboarana fotodrafitrasa manara-penitra. Raha tsorina, mamaly ny hetahetam-bahoaka ity volavolan-dalàna ity.

Eo anatrehan'izay, mitaona ny Solombavambahoaka handany azy.

Fisaorana ireo Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana no navalin-dRamatoa Filoha azy ireo.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Marihana fa tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kolazaina teny anelanelan'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 8 no tsy nilaza ny heviny.

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA (DISPOSITIONS FISCALES)

Andiny voalohany: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 8 no tsy nilaza ny heviny.

Andiny faha-2: fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (Code général des impôts): nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 8 no tsy nilaza ny heviny.

Andiny faha-3: Fadintseranana (DOUANES), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

II.-FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY VOLAVOLAN-DALANA MOMBA NY LALANAN'NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2020 (II-EQUILIBRE GENERAL DU PROJET DE LA LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE POUR 2020)

Andiny faha-4: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andiny faha-5: Oentimanan'ny Minisitery sy ireo fandaniana hanam-pamokarana (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-6: Fitsinjarana isak'ireo Minisitery sy Andrimpanjakana ary ny zanabolantrosa (Repartition par Institutions et Ministères), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-7: Fampiasam-bolam-panjakana sy ny vola notrosaina fanampiana avy any ivelany (Dépenses d'investissement, Emprunts et Subvention extérieure), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-8: Ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Dépenses d'investissement), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-9: Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra (Budget Annexe des Postes et Télécommunications), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-10: Tetibola anankina an'ny Tranom-printim-pirenena (Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-11: Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakàna (Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-12: Fanomezam-bola mialoha (avances, prêts et participations), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-13: Ny fampiasana ny vola vidin'entana (Les opérations génératrices de Fonds de Contre-Valeur et assimilées), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-14: Ny vinavinan'ny kirakira momba ny trosam-panjakana (prévisions des opérations de la dette publique), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-15: Fifandanjana momba ny volavolan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2020 (conditions générales d'équilibre du présent projet de Loi de Finances Rectificative pour 2020), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

III- FEPETRA MANOKANA (DISPOSITIONS SPECIALES)

Andininy faha-16: Fepetra manokana (Dispositions Spéciales), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-17: Fanomezan-dalana fampidirana ao amin'ny kaonty manokana (Sécurisation des activités, des fonds, des emplois), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-18: Fanomezan-dalana ny tahirim-bolam-pirenena ho an'ny fananan-tany (Fonds national foncier), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-19: Ireo fandanina tsy maintsy efaina (Dépenses obligatoires), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-20: Fitrosan'ny fanjakana foibe (Dette publique et la dette garantie par le Gouvernement Central), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-21: Fetran'ny Findramam-bola (Plafond d'endettement), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-22: Tahiry hiatrehana ny valan'aretina Covid-19 (Fonds de Riposte à la pandémie Covid-19), nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Rehefa vita ny fandanina isan'andininy, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihany, fa amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny izao dia ny Andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2014-007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana no hampiharina.

Mikasika ny **tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du projet de Loi portant Loi de Finances Rectificative pour 2020)** (andininy faha-4 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II, Annexe 3" ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 95 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Momba ny **tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées)** (andininy faha-5 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II, Annexe 4" ny antsipiriany)

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 95 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Mikasika ny **fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (Repartition par Institutions et Ministères)** (andininy faha-6 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME I, Annexe 2" ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 95 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Momba ny **sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor)** (andininy faha-9, faha-10 ary andininy faha-11 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II, Annexes 6 et 8" ny antsipiriany).

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 95 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapàhan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 95 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola raha toa misy teny tiany ambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna no nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Vola. Nomarihany koa fa niasa tokoa izy ireo tamin'ny fandinihana izany tany amin'ny asam-baomiera; koa mendrika ny itondrana fisaorana sy fankatelemana.

Nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta koa ny tenany taorian'izay ary nirary ny rehetra mba ho salama hatrany, ho lavitry ny valan'aretina.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny teniny.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry sy ianareo teknisianina tamin'ny fiaraha-midinika sy ny fanomezam-panazavana mikasika ny volavolan-dalàna vao noliana no nasetrin-dRamatoa Filoha izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ny Alatsinainy 29 Jona 2020 amin'ny 10 ora maraina, hisy ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019, ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2020 tamin'ny 20 Mey 2020, ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2020 tamin'ny 20 Mey 2020, ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2020 tamin'ny 20 Mey 2020 ary ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 11 Desambra 2019.

Anio tolak'andro, kosa fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2020/PR ary amin'ny 6 ora, hariva, momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-04-2019/PR.

Niato tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

